Pièce jointe miaraka amin'ny Circulaire *MG 33/14*

FICHE HANAOVANA NY DISCERNEMENT PERSONNELLE SY COMMUNAUTAIRE SOSON-KEVITRA MOMBA IREO MASERA VAOVAO HANOMBOHANA NY DINGANA HO AMIN'NY FANANGANANA HO OLON-TSAMBATRA

Fanamarihana: tena zava-dehibe ny tsy fanombohana milaza anarana alohan'ny discernement, mba ho tena vokatry ny fandinihana sy tsy hanaovana condition ho an'ny hafa; mba ho tena afaka tsara, fa indrindra manaja izay eritreretin'ny rahavavy tsirairay sy hifampizaràny, ary tsy asiana adihevitra na resabe. Na iza na iza tsy mahazo manome anarana, na manao "publicité", fa kosa azo atao tsara ny mifampiresaka sy mangataka fanampim-pahalalana mikasika ny fiainan'ireo rahavavy. Tena zava-dehibe ny mamela ny tenantsika ho tantanan'ny Fanahy Masina irery ihany.

1. FIVORIANA VOALOHAN'NY ANKOHONANA.

"Mila zanaka masina aho!" (don Orione)

a. Fotoam-bavaka hiantsoana ny Fanahy Masina, motivé amin'ny lohahevitra mikasika ny fahamasinana.
b. Famakiana ny Circulaire: fifampizaràna, izay zavatra nanaitra, fihetsem-po naterany ...
c. Famakiana sy commentaire mikasika ireto laharana nalaina tao amin'ny Instruction *Sanctorum Mater*[1] ireto

Titre faha II. Mampalaza ny fahamasinana na martiry sy malaza amin'ny famantarana.
Malaza amin'ny maha-martiry sy malaza amin'ny famantarana

Art. 4- § 1. Ny fananganana olontsambatra na olomasina momba ny mpino katolika iray izay nandritra ny fiainany, tamin'ny nahafatesany ary taorian'ny nahafatesany ka nigoka ny lazan'ny fahamasinana, niaina tamim-pomba igàgàna ireo hatsaram-panahy kristianina; na nahazo hafaliana tamin'ny lazan' ny martiry, satria teo am-panarahan-dia akaikikaiky kokoa an'i Jesoa Kristy Tompo, dia nanao sakrifisy ny fiainany tamin'ny alalan'ny naha-maritiry azy.

§ 2. Antsoina hoe *Mpanompon'Andriamanitra* ny mpino Katolika iray rehefa manomboka ny fikarakarana ny fananganana azy ho olontsambatra na ho olomasina. **Art. 5** - § 1. Ny laza amin' ny fahamasinana dia fiheverana miely eo amin'ny mpino mikasika ny fahadiovana sy ny fifamenoan'ny fiainan'ilay mpanompon'Andriamanitra ary koa ireo hatsaram-panahy nampihariny tamin'ny fomba mahatalanjonaa.

§ 2. Ny laza amin' ny martiry dia fiheverana miely eo amin'ny mpino mikasika ny fahafatesana nihatra tamin'ilay manompon'Andriamanitra na nohon'ny hatsaram-panahy mifandray amin'ny finoana.

Art. 6 - Ny laza amin' ny famantarana dia fiheverana miely eo amin'ny mpino mikasika ireo fahasoavana sy fahagagana azo avy amin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny vavaka nataon'ilay mpanompon'Andriamanitra.

Art. 7 - § 1. Mialohan'ny hanapahan-kevitra amin'ny fanadihadiana, ny eveka diosezana na ny eparchiale dia tsy maintsy manamarina, eo amin'ireo vahoakan'Andriamanitra sasantsasany, raha toa ka niely sy niparitaka ny laza marina amin'ny fahamasinana na maha-martiry ilay mpanompon'Andriamanitra, miaraka amin'ny fihanaky ny famantarana marin'ny lazany.

§ 2. Ny laza dia tsy maintsy spontanée fa tsy zavatra noforomporonina. Tsy maintsy maharitra, mitohy, miparitaka eo amin'ireo olona mendrika ny finoana sy mandray anjara mavitrika eo amin'ny vahoakan'Andriamanitra.

[1] *Sanctorum Mater*, Fikambanana mikarakara mikasika ny Olomasina, Instruction amin'ny fanatanterahana ireo fanadihadiana diosezana na eparchiali momba ny fananganana ilomasina, Rome 2007.

d. Fifanakalozan-kevitra ataon'ny Ankohonana:

- Inona avy ireo toetoetra fototra, araka ny fomba fiainantsika ary ireo soatoavina voalohany ao amin'ny fanomezam-pahasoavantsika sy ny spiritualité-ntsika, izay niainana "*tamin'ny fomba igagàna*" ka afaka manome "*lazam-pahamasinana"* ny "*Masera Madinika Iraky ny Fitiavana*" iray?
  Azo ampitahaina amin'ny lah. 1-15 ao amin'ny Constitution-ntsika.
- Rehefa avy nifanakalo hevitra mikasika ireo "*hatsaram-panahy igagàna*", iza avy ireo anarana tonga ho azy ao an-tsaintsika? Inona avy ireo fihetsem-po aterak'izay fahatsiarovana ireo rahavavintsika ireo izany?

e. Vavaka fisaorana an'Andriamanitra nohon'ny fahamasinana izay nomeny ny Fianakavian-drelijiozintsika, tao amin'ny fiainan'ireo Rahavavintsika.

2. DISCERNEMENT PERSONNEL

Hiomana àry izao isika tsirairay, mba hanolotra ny anjara birikintsika amin'izao fotoam-pandraisana anjara amin'ny discernement ataon'ny Conseillère générale izao.

Critères vitsivitsy hanampy amin'ny safidy hatao:

- Araka ny tokony ho izy, dia maty teo anelanelan'ny taona 1985 hatramin'ny 1995 ilay Masera, mba ho akaiky, tadidy ary ahafahana manangona ireo mombamomba azy sy ireo témoignages.
- Raha azo atao dia tsy mijanona fotsiny amin'ny Province na ny faritra misy ny tena, fa mitady avec objectivité rahavavy iray izay "*manan-daza amin'ny fahamasinana*" ka miparitaka kokoa sy maneran-tany.
- Vakiana indray ireo laharana ao amin'ny *Sanctorum Mater* efa niaraha-nandinika.
- Avahana tsara ireo hatsaram-panahy manokana niainan'ity Rahavavy ity "*tamim-pomba igagàna*", amin'ny fomba tsora sady fohy. Tsy manoratra zava-nisy na fahatsiarovana, fa ny hany hatao dia ny manamarika ny fiainany igagàna ireo hatsaram-panahy teo amin'ny maha-olomboatokana sy orionista azy.

a. Fiomanana samy irery: manokana fotoana hivavahana sy hanginana, miaraka amin'ny fahafahan'ny saina amam-panahy sy objectivité; angataho ny fahazavana avy amin'ny Fanahy Masina, mba ahafahana "*mahita*" sy manolotra Rahavavy iray, izay heverinao fa manana izay "*lazam-pahamasinana*" izay sy afaka hanombohana ny fanadihadiana amin'ny fananganana olontsambatra araka ny fahitanao azy.

b. Fanolorana ireo anarana: soraty eo amin'ny tableau ny anarana sy fanampin'anaran'izay Masera natoron'ny Fanahy Masina anao. Azo atao ny manolotra anarana 1 na 2, fa tsy mihoatran'izay (mety ho anarana iray fotsiny koa aza)

Iza no ataolotrao? (Anarana sy fanampin'anarana)	Daty nahafatesany	malaza amin'ny fahamasinana (inona no antony hanolororanao azy? Inona ireo hatsaram-panahy mahatalanjona niainany?)

c. Manaova vavaka fisaorana an'Andriamanitra noho ireo Rahavavy ireo.

3. FIVORIANA FAHAROAN'NY ANKOHONANA

a. Vavaka na hira hangatahana ny fanomezan'ny Fanahy Masina.

b. Fankalazàna ny Tenin'Andriamanitra: 1Piera 1, 13-21.

"*Koa amin'izany, sikino ny fanahinareo, ka mahonona tena, ary aoka ny fahasoavana izay hatolotra anareo amin'ny hisehoan'i Jesoa Kristy no halehan'ny fanantenanareo rehetra. Aoka ho zanaka manaiky ianareo, ka tsy hanaraka ny filan-dratsinareo intsony, toy ny nataonareo fahiny, tamin'ny andron'ny tsy fahalalanareo; fa araka ny fahamasinan'Ilay niantso anareo no aoka ho fahamasinanareo koa, amin'ny fitondran-tenanareo rehetra, araka ny voasoratra hoe: "Aoka ho masina ianareo satria masina Aho". Ary raha ilay tsy mizaha tavan'olona, famitsara ny olona rehetra araka ny asany avy, no antsoina hoe Ray, dia aoka hitondra tena amim-pahatahorana ianareomandritra ny andro fivahiniana ety, satria fantatrareo fa ny nanavotana anareo, ho afaka amin'ny fitondran-tena adalanentim-paharazana, dia tsy zavatra mety simba toy ny volamena na ny volafotsy, fa nyRà*

sarobidin'i Kristy, ilay Zanak'ondry tsy manan-tsiny aman-kilema, dia ilay talohan'ny nahariana an'izao tontolo izao, no efa voatendry, fa tamin'izao andro farany izao vao naseho nohon'ny aminareo. Tamin'ny alalany no nahazoanareo finoana an'Andriamanitra, izay nanangana azy avy any amin'ny maty, sy nanome voninahitra Azy, ka zary fanantenana an'Andriamanitra koa ny finoanareo". Izany ary ny Tenin'ny Tompo.

Fifampizaràna mikasika ny Tenin'Andriamanitra vao nohenoina

c. Fifampizaràna ireo anarana

Fanamarihana: fotoana tena manan-danja izao, ka tsy hasiana ady hevitra mikasika izay nodinihan'ny tsirairay fa henoina am-panajàna sy am-pitiavana izy.

- Hifampizaràna ny anaran'ireo Masera izay natolotry ny tsirairay, araka izay voasoratra ao amin'ny tableau nanoratany.
- Dialogue mba hangatahana fanazavana raha misy masera tsy fantatry ny rehetra.
- Ataon'ny Ankohonana anaty tableau tokana ireo anarana rehetra izay natolotry ny Rahavavy ireo. (jereo ny fiche Communautaire any amin'ny farany aoriana)
- Raha misy anarana miverina in-droa na mihoatra dia soratana indray mandeha ihany fa apetra eo akaikiny kosa ny isany ary soratana daholo ireo "hatsaram-panahy", tsy misy analàna sady tsy fintinina.

d. Vavaka fiderana an'Andriamanitra.

- **Vavaka tora-po** ho fisaorana an'Andriamanitra noho ireo Rahavavy izay vao noresahina. Aorian'ny vavaka dia azo asina fiverenan-kira fisaorana na fideràna.
- **Hiran'ny *Magnificat*,** hanakambanana ny feontsika amin'ny feon'i Maria, noho ireo zava-dehibe nataon'Ilay Mahefa ny zavatra rehetra tamin'ireo Rahavavintsika ihany koa.

Ao amin'ny pejy manaraka ny fiche izay hofenoin'ny Ankohonana

Fiche communautaire valin'ny Circulaire *MG 33/14*

(Ity Fiche ity dia halefa any amin'ny Supérieure générale, alohan'ny 30 aogositra 2014, amin'ny e-mail: mabelspagnuolo@gmail.com; na amin'ny paositra tsotra araka izao adiresy izao: Via Monte Acero 5, 00141 Roma – Italia)

PROPOSITION DES NOUVELLES CONSOEURS POUR COMMENCER LA CAUSE DE BEATIFICATION

Province (na teritoire):

Ankohonam-piainana:

Ireo mpikambana (ny anaran'ireo Masera ao amin'ny Ankohonana)

Propositions:

Iza no hatolotra? (Anarana sy fanampin'anarana)	**Daty nahafatesany**	**Malaza amin'ny fahamasinana (inona avy ireo hatsaram-panahy mahatalanjona niainany?)**	**Isan'ireo Masera izay nanolotra azy**

Fanamarihana: raha betsaka ny Masera ao amin'ny Ankohonana dia ampina araka izay ilaina ny isan'ny tsipika.

Daty: